Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA SABOTSY 9 MAI 2020

Lohahevitra: MAMOAZA VOA MIENDRIKA NY FIBEBAHANA
Izay maharesy dia avelako hiara-mipetraka amiko eo ambonin'ny seza fiandrianako

Mitarika : Dr Rev Seth Rasolondraibe

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina

HIRA Antoko Mpihira "Iza no ahy any an-danitra" **(Salamo 73.25-28)**

Vavaka

Teny fampidirana ny texte du jour (Apo 3.14-22)

HIRA 171.1

Vakiteny 1 Apo 3.14

14Ary soraty ho amin'ny anjelin'ny fiangonana any Laodikia: Izao no lazain'ny Amena, dia Ilay Vavolombelona mahatoky sy marina, Izay niandohan'izao zavatra noharin'Andriamanitra izao:

Fanazavana Fohy

HIRA 39.1

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

Misaotra sy mankalaza an'Atra Ray fa Mpanjaka Jesosy....
Ny tsirairay, ny fianakaviana, ny fiangonana:
Mangataka mba hanjaka @ fiainantsika Izy.....

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 2. Apo 3.15-17

15Fantatro ny asanao, fa tsy mangatsiaka na mafana ianao; aleo ho mangatsiaka na ho mafana ianao. 16Fa satria matimaty ianao ka tsy mafana na mangatsiaka, dia efa haloan'ny vavako ianao;
17fa hoy ianao: Manan-karena sy **efa nihary fananana be aho** ka tsy manan-java-mahory; kanjo tsy fantatrao fa ianao no ilay ory sy mahantra sy malahelo sy jamba ary mitanjaka;

Hosea 12. 8-9

8Kanana eny an-tànany misy mizana miangatra, ny manambaka no tiany. 9Fa hoy Efraima: Fiharian-karena ihany no efa nataoko, nahazo fananana aho; Ny asako rehetra tsy misy hahatonga fahotana na heloka amiko.

Fanazavana Fohy

HIRA 39.2

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

Mibebaka noho ny tsy fahaizana manolon-tena tanterazka....
Mibebaka ny fiangonana satria manadino fa Mpanjaka Jesosy
Variana manompo mamona....manamba, mangalatra, manararaotra
== > *Tsy mahay manompo Azy: Izay tiany dia tiako ary izay halany dia halako koa*

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 3. Apo 3.18-19

18dia manoro hevitra anao Aho hividy amiko volamena voadio tamin'ny afo, mba hanan-karena ianao, ary fitafiana fotsy hotafinao, mba tsy hisehoan'ny henatrao noho ny fitanjahana, ary odi-maso hahosotrao ny masonao mba hahiratanao.
19Izay rehetra tiako no anariko sy faizako; koa dia mazotoa ianao, **ka mibebaha.**

Fanazavana

HIRA 39.3

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

Mba hamoa voa miendrika ny fibebahana ny tsirairay.....
Ka .....Fitondran-tena madio (eo ambony....)

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 4. Apo 3.20-22

20Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko. 21Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka amiko eo ambonin'ny seza fiandrianako, dia tahaka ny nandreseko kosa sy ny niarahako nipetraka amin'ny Raiko eo ambonin'ny seza fiandrianany.
22Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana

Fanazavana Fohy

HIRA Hira 39.4

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

MALALAKA + COVID + DECONFINEMENT

Pasteur Zozo sy ny marary rehetra

VAVAKA MPITANDINA + VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO

Teny FANDRAVONANA

1Kor 15.58

Koa amin'izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo.

HIRA 39.5

TSO-DRANO